# 365Tantara 54.Mankaiza ny lalanao



# 54. Mankaiza ny lalanao

Nathalie, 10 taona, dia niverina avy tany amin'ny fivoriam-bavaka, Lasa saina ny amin'izay teny henony. Alohan'ny hisakafoanana dia nanontany ny rainy izy:

- Dada ô, afaka manao ny vavaka ve ianao? Sorena tamin'ilay fanontaniana ny rainy, ka namaly:

- Anontanio ny reninao na i nenitoa Henriette izany, Fa aza resahina amiko!



- Oh! Dada hoy ity ankizy, Naheno izaho androany hari-
va fa tokony hivavaka daholo ny rehetra



Tamin'ny feo entitra no nitenenan'ny rainy azy:
- Mandehana amin'izay alehanao! Fa izaho handeha amin'ny alehako!



Nanontany ihany izy:
- Teneno anà ary hoe mankaiza ny lalanao?

Tsy azo amidy. Nanisy sary i Guillaume Girault. Nanatanteraka ny www.365histoires.com Paris. Frantsa



Nanindrona mafy ny fon'ity rainy ilay fanontaniana. Ankina tanteraka izy, ka nifindra tany an'efitra niantso an'Andriamanitra Izay, noho ny famindrampony, dia namaly azy. Inona no mety ho navalinao ny fanontanian'i Nathalie?

- Inona no lalana arahinao? Manaraka ny lalan'ny be sy ny maro, entin'ny maro sy mahatoky ny fahabetsahana Kanefa tsy mahalala hoe aiza ny fiafaran'ny lalana? Jesosy anefa dia miresaka antsika lalana roa Ary roa ihany:

Ny lalan-tery izay mitondra amin'ny fiainana Ary ny lala-malalaka izay mankany amin'ny fahaverezana (Filazantsaran'i Matio Toko 7 andininy 13 sy 14)

Iza no nosafidinao?